# FID'actus

n°16 • Desambra / Décembre 2023




Tarehimarika
*Chiffres clés*
.......................................................................2

Matoan-dahatsoratra
*Editorial*
.......................................................................3

Tapatapany
*Brèves*
.......................................................................4

*Mampiova fomba fisainana ao amin'ny Kaominin'Ifanirea ny Vatsin'Ankohonana*
*Vatsin'Ankohonana inspire au changement de mentalité dans la commune d'Ifanirea*
.......................................................................5

*Fiavota : Fihatsaram-piainana ho an' ireo ankohonana mpisitraka ao amin'ny faritra Androy sy Anosy*
*Fiavota : un mieux pour le bien-être et la résilience des familles bénéficiaires dans l'Anosy et l'Androy*
.......................................................................6 -7

*RAZAINJAFISOAMANDIMBY Hanitriaina Hortanse : 41 taona. Mpisitraka MILOFO, Fokontany Sahalava. Kaominina Andrenivohitra Fianarantsoa*
*RAZAINJAFISOAMANDIMBY Hanitriaina Hortanse : 41 ans. Bénéficiaire MILOFO, Sahalava*
....................................................................... 8

Fanontaniana 3 ho an'i Tabavy Merance Fabiola / *3 questions à Tabavy Merance Fabiola*
.......................................................................10 - 11

# Zones d'intervention des Filets sociaux de sécurités

(FI, FA1, FA2, FA3)

**2015 - 2023**



**368** Infrastructures

**570 946** ménages bénéficiaires

Fiavota
**57 736** ménages bénéficiaires

Vatsin'Ankohonana
**213 641** ménages bénéficiaires

Asa Avotra Mirindra
**117 772** ménages bénéficiaires

Milofo
**1 930** ménages bénéficiaires

Mijoro
**29 941** ménages bénéficiaires

Asa vonjy voina

Argent contre travail (ACT)
Post catastrophe (PC)
**25 622** ménages bénéficiaires

Transfert Monétaire non conditionnel (TMNC)
Post catastrophe (PC)
**31 871** ménages bénéficiaires

Transfert Monétaire non conditionnel (TMNC)
Protection sociale réactive aux chocs (PSRC)
**92 433** ménages bénéficiaires

## 21 Régions

ALAOTRA MANGORO
AMORON I MANIA
ANALAMANGA
ANALANJIROFO
ANDROY
ANOSY
ATSIMO ANDREFANA
ATSIMO ATSINANANA
ATSINANANA
FITOVAVY
BETSIBOKA
BOENY
HAUTE MATSIATRA
ITASY
IHOROMBE
MENABE
SAVA
SOFIA
VAKINANKARATRA
VATOVAVY
FITOVINANY

## 84 Districts

AMBALAVAO
AMBATO BOENY
AMBATOFINANDRAHANA
AMBATONDRAZAKA
AMBOASARY-ATSIMO
AMBOHIMAHASOA
AMBOSITRA
AMBOVOMBE
AMPANIHY
AMPARAFARAVOLA
ANALALAVA
ANDAPA
ANDILAMaENA
ANJOZOROBE
ANKAZOABO
ANKAZOBE
ANTALAHA
ANTANANARIVO ATSIMONDRANO
ANTANANARIVO RENIVOHITRA
ANTANIFOTSY
ANTSIRABE II
ANTSOHIHY
ARIVONIMAMO
BEALANANA
BEFOTAKA
BEFOTAKA ATSIMO
BEKILY
BELO SUR TSIRIBIHINA
BELOHA
BETAFO
BETIOKY ATSIMO
FANDRIANA
FARAFANGANA
FARATSIHO
FENERIVE EST
FENOARIVE ATSINANANA
FIANARANTSOA
FIANARANTSOA I
IFANADIANA
IHOSY
IKONGO
ISANDRA
IVOHIBE
LALANGINA
MAEVATANANA
MAHABO
MAHAJANGA I
MAHAJANGA II
MAHANORO
MAMPIKONY
MANAKARA
MANANDRIANA
MANANJARY
MANDOTO
MANJAKANDRIANA
MAROANTSETRA
MAROLAMBO
MAROVOAY
MIANDRIVAZO
MIARINARIVO
MIDONGY ATSIMO
MITSINJO
MOROMBE
MORONDAVA
NOSY VARIKA
PORT BERGE
SAKARAHA
SAMBAVA
SOALALA
SOANIERANA IVONGO
SOAVINANDRIANA
TAOLAGNARO
TOAMASINA I
TOAMASINA II
TOLIARA I
TOLIARA II
TSIHOMBE
VANGAINDRANO
VATOMANDRY
VAVATENINA
VOHEMAR
VOHIBATO
VOHIPENO
VONDROZO

*FI = Financement initial, FA1= Financement additionnel 1, FA2 = Financement additionnel 2, FA3 = Financement additionnel 3*



### Matoan-dahatsoratra

# Ny antom-pisian' ny **"sandantohitra"**, fahafahana miatrika ny dona sy mitsinjo ny ho avy

Na teo aza ny tranga ara-politika niainana nandritra ny telo volana farany tamin'ity taona 2023 ity, dia nahatratra 78% ny fanatanterahana ny tanjona nofaritana ho an'ny tetikasa *"Haraton'aina" - Filets sociaux de sécurité (FSS).* Nanomboka ny taona 2016, dia tokantrano maherin'ny 580 000 tao anaty distrika 82, anisan'izany : Ikongo, Mahabo, Vangaindrano, Ankazoabo, Tsihombe, Amparafaravola, ... no nahazo tantsoroka sy tohana samihafa mba hirosony amin'ny fihatsaram-piainana maharitra.
Fanampin'izay, fotodrafitrasa fototra 368, toy ny sekoly, tobimpahasalamana, na koa tetezana, ... no narenina na naorina, hatramin'ny nanombohan'ny *FSS*. Ireo zava-bita ireo, izay niarahana tamin'ireo mpiray ombon'antoka samihafa, dia vokatry ny fanoloran-tenantsika ho an'ny sandantohitra, ny fototra maha-olona ary ny fanomezan-danja ny vehivavy.

Amin'ny alàlan'ny tetikasa vaovao « *Filets de sécurité et de résilience (FSR)* », dia hanitatra ny fanohanana ireo marefo indrindra isika. Tokantrano vaovao manodidina ny 253 000 anaty distrika vaovao no hiantefany. Ny volana martsa 2024 no hotanterahina izany ary hifarana amin'ny martsa 2027.
Ankoatra ny fiovana miabo hita teo amin'ireo *"ankohonana mpisitraka sy mandray andraikitra"*, dia nihamafy ny fiaraha-mientan'ny fiarahamonina, nivoatra ny fampiatina ara-toekarena ary ny fihetsika fototra ho ny fianakaviana sy ireo fahaiza-manao manatsara ny fambolena sy fiompiana dia nipaka teo amin'ny mpiray monina manodidina.
Noho ny fanohananareo sy ny fitokisan'ny Governemanta, mitozo amin'ny iraka nomena azy sy soatoaviny fandraisana andraikitra azy ny FID ary manohy hatrany ny asany na dia eo aza ireo fanamby lehibe atrehin'ny firenena. Manainga antsika, hanangana ho avy feno firaisankina sy fivoarana miabo.

### Editorial

# Donner un sens à la **résilience**

Malgré un contexte politique complexe au dernier trimestre de 2023, nous pouvons annoncer que les programmes du projet Filets sociaux de sécurité (FSS) ont atteint 78 % de leurs objectifs. Depuis le lancement en 2016, plus de 580 000 ménages dans 82 districts, entre autres : Ikongo, Mahabo, Vangaindrano, Ankazoabo, Tsihombe, Amparafaravola ..., ont bénéficié des soutiens et des accompagnements pour progresser vers un mieux-être plus durable.
Par ailleurs, 368 infrastructures sociales de base, telles que les écoles, les centres de santé de base, ou encore des ponts, ont été réhabilitées ou reconstruites depuis le début des FSS. Ces réalisations, avec la participation de toutes les parties intéressées, sont le fruit de notre engagement continu envers la résilience, le capital humain et l'émancipation des femmes.
Avec le nouveau projet Filets de sécurité et de résilience (FSR), nous allons étendre le soutien aux plus vulnérables, à travers la protection sociale non-contributive, à environ 253 000 nouveaux ménages dans de nouveaux districts. Son exécution est prévue en mars 2024 et se terminera en mars 2027.
Au-delà des changements positifs observés chez les acteurs-bénéficiaires, la dynamique communautaire se renforce, l'inclusion économique progresse peu à peu, les pratiques positives pour le bien-être familial et les techniques agricoles plus productives profitent à l'ensemble de la population vivant dans les zones d'intervention.
Grâce à votre soutien indéfectible et à la confiance du Gouvernement, le FID, fidèle à sa mission et à sa valeur d'engagement, continue d'agir malgré les défis qui incombent au pays. Ensemble, construisons un avenir plus solidaire et résilient.

# Tapatapany

**Nahazo vatsim-pianarana hanohy fianarana momba ny informatika any Tunisie i Nambinintsoa Alfa Narcisse, zanak'i Jean Chrisostome sy Esperantine, mpisitraka ny fandaharanasa Asa Avotra Mirindra ao Isandra**

Noho ny fanohanan'ny fandaharanasa, indrindra ny fahavitrihan'izy ireo ao amin'ny VOAMAMI, Vondrona Olona An-toerana miara- MAnao tahiry sy MIfampindram-bola, dia niroborobo ny asa fiharian'izy ireo ka nahafahany nanefa ireo fandaniana fototra nilain'i Alfa tamin'ny fianarany.

**Fanombohana ny tetikasa santatra RSU – Rejistra sosialy eto Madagasikara**

tanjon'ity tetikasa ity dia ny hananana ireo angon-kevitra mikasika ireo tokantrano marefo indrindra manerana an'i Madagasikara mba hamantarana ireo izay tokony hisitraka ny fandaharanasa fiahiana ara-tsosialy. Natomboka ny volana septambra lasa teo tany Ampanihy sy Betioky ny tetikasa santatra, ka tokantrano miisa 60.000 farafahakeliny no kendrena amin'izany. Amin'ny taona 2030, no heverina fa handrakotra an'i Madagasikara manontolo ny tetikasa. Ny fisian'ity rejistra sosialy ity dia hanampy betsaka amin'ny fangaraharana eo amin'ny fitsongana ireo ankohonana hisitraka fiahiana ara-tsosialy.

**Tetikasa PADAP : Mandray anjara feno ny FID**

Tamin'ny volana oktobra lasa teo no nanombohan'ny FID ny asany ho an'ny tetikasa PADAP, tetikasan'ny governemanta malagasy ho an'ny famokarana lovainjafy sy manaja ny tontolo iainana. Distrika dimy no hiasan'ny FID amin'izany : Andapa, Vavatenina, Soanierana Ivongo, Marovoay ary Bealanana, tokantrano maherin'ny 23.000 no voakasika ary asa momban'ny fiarovana ny tany, fambolen-kazo, fanarenana lakan-drano no tanterahina.

**Fikambanana FID : notontosaina tamin'ity volana desambra ity ny fivoriambe sy ny fivorian'ireo mpikambana ao anatin'ny filankevim-pitantanana**

Toy ny tamin'ireo taona lasa dia nahafahana nanao jery todika ireo asa vita sy namaritra ireo hatao ho an'ny taona ho avy ireo fihaonana ireo. Araky ny nanirahana azy, ny FID dia hanohy hatrany ireo asany ho an'ny fampandrosoana. Tsiahivina fa ireo mpikambana dia ahitana solon-tena avy amin'ny fitondram-panjakana, ny vondrom-piarahamonina itsinjaram-pahefana, ny fiarahamonim-pirenena, ny mpandraharaha, ny mpisitraka ireo fandaharanasa ary koa ny olon-tsotra.

# Brèves

**Nambinintsoa Alfa Narcisse, enfant de bénéficiaires de Asa Avotra Mirindra à Isandra, reçoit une bourse pour poursuivre des études en informatique en Tunisie**

Avec l'appui du programme, notamment leur dynamisme dans l'AVEC, l'association villageoise d'épargne et de crédit, ses parents ont pu développer des activités génératrices de revenus qui leur ont permis de subvenir aux besoins basiques pour la scolarité (frais de déplacements, fourniture scolaire, ...) d'Alfa.

**Lancement du projet pilote Registre Social Unique (RSU) à Madagascar**

Ce projet a pour objectif de créer une base de données des ménages les plus vulnérables à travers le pays afin de localiser et d'identifier les ménages qui bénéficieront des programmes de protection sociale. La phase pilote a été lancée en septembre dernier à Ampanihy et à Betioky, avec pour objectif de recenser au moins 60 000 ménages. D'ici 2030, le projet ambitionne de couvrir tout Madagascar. Cette démarche est innovante pour dépasser les contraintes et tentatives de fraudes durant les phases de ciblage.

**Projet PADAP : contribution active du FID**

Le mois d'octobre dernier marque le lancement des interventions du FID pour le Projet PADAP ou Projet Agriculture Durable par une Approche Paysage, un projet du gouvernement malagasy pour une productivité durable respectant l'environnement. Cinq districts sont concernés pour les interventions du FID : Andapa, Vavatenina, Soanierana Ivongo, Marovoay et Bealanana pour plus de 23 000 ménages. Les activités concernent l'aménagement et le terracing, le reboisement et l'assainissement des canaux d'irrigations.

**Association FID : tenue de l'Assemblé générale et de la réunion du Conseil d'Administration au cours de ce mois de décembre**

A l'instar des années précédentes, ces rencontres ont permis de faire une revue des activités réalisées par le FID et de définir les perspectives pour l'année à venir. Conformément à mission, le FID poursuivra ses interventions en faveur du développement. Rappelons que les membres de l'association comprennent des représentants de l'Etat, des collectivités territoriales décentralisées, des organisations de la société civile, des opérateurs (ONG, bureaux d'études, ...), des bénéficiaires des programmes mis en œuvre et de simples citoyens.



## Mampiova fomba fisainana ao amin'ny Kaominin'Ifanirea ny Vatsin'Ankohonana

Resy lahatra amin'ny maha zava-dehibe ny fananana kopia sy karapanondro ny mpisitraky ny *Vatsin'Ankohonana* ao amin'ny kaominin'Ifanirea, distrikan'Ikongo, faritra Fitovinany. Mahatratra 100% ny mpisitraka nahavita kopia ho an'ny zanany raha toa ka 65% izany teo aloha. Raha ny karapanondro kosa, 95% ny mpisitraka nahavita izany raha toa ka 57% ihany ireo nanana karapanondro tany ampiandohan'ny fandaharanasa.

Ny fananan'ny ankizy kopia dia ahafahany manohy hatrany ny fianarany any amin'ny ambaratonga faharoa sy eny amin'ny ambaratonga ambony. Ny fananan'ny olona iray karapanondro dia ahafahany mizaka feno ny zony amin'ny maha olom-pirenena azy sy manatanteraka ireo adidiny eny anivon'ny fiarahamonina. Manan-danja lehibe ao amin'ny fanatanterahana ny *Vatsin'Ankohonana* ireo tantsoroka, izay tanterahina amin'ny alalan'ireo *Sehatra mahasoa*. Napetraka eny anivon'ny fokontany mpisitraka tsirairay ny *sehatra mahasoa* izay mikendry ny fanatsarana maharitra ny fiainan'ireo ankohonana « *mpisitraka mandray andraikitra* » amin'ny alalan'ireo fifanakalozana, fampiarana samihafa, fanentanana ary fampiofanana mahakasika lohahevitra maro. Isan'ny lohahevitra vohizina ao ny mikasika ny zon'ny ankizy sy ny zon'olombelona izay anisan'ny nisarika ny mpisitraka handray andraikitra sy hanatanteraka ny kopia ho an'ny zaza sy ny karapanondro ho azy ireo.



© FID / Jechia Rangitiana

## *Vatsin'Ankohonana* inspire au changement de mentalité dans la commune d'Ifanirea

Les bénéficiaires du *Vatsin'Ankohonana* de la commune d'Ifanirea, district d'Ikongo, région Fitovinany, sont convaincus de l'importance de disposer des copies d'actes de naissances et des cartes d'identités. 100% des bénéficiaires ont réalisé des copies d'actes de naissances pour leurs enfants, alors qu'ils n'étaient que 65% auparavant. Quant à la pièce d'identité, 95% des bénéficiaires l'ont complété alors que seulement 57% en disposaient au début du programme.

Disposer de copies d'actes de naissances permettra aux enfants de poursuivre leurs études en classes secondaires, voire au niveau universitaire. Aussi, avoir une carte d'identité permet d'être des citoyens à part entière au sein de la communauté et de remplir ses obligations. Les mesures d'accompagnement, implantées particulièrement à travers les espaces de bien-être, occupent une place importante dans la mise en œuvre du Vatsin'AnkohonanaLes espaces de bien-être appelés « Sehatra mahasoa » sont institués au sein de chaque fokontany pour que les bénéficiaires puissent améliorer de façon durable leurs conditions de vie à travers des échanges, des ateliers pratiques, diverses formations et sensibilisations sur plusieurs thématiques. Le droit des enfants et le droit de l'homme figurent parmi les thématiques promues ; elles ont inspiré les bénéficiaires dans la démarche de réalisation des copies d'actes de naissance et les pièces d'identité.

# *Fiavota* : fihatsaram-piainana ho an' ireo ankohonana mpisitraka ao amin'ny faritra Androy sy Anosy


© FID / Sitraka Aimée

Nahita fivoaram-piainana ireo tokantrano nianjadian'ny haintany tao anatin'ny faritra Androy sy Anosy rehefa nisitraka ny haraton'aina *Fiavota*. Nanomboka ny taona 2016 no notanterahana tao anatin'ny distrika dimy ny *Fiavota* ; nifarana ny fandaharanasa ho an'ny distrikan'i Tsihombe, Beloha ary Bekily, raha mbola mitohy kosa izany ho an'Ambovombe sy Amboasary. Nitarina tao Taolagnaro ihany koa ny fanatanterahana ny fandaharanasa. Izy ity dia manohana ireo ankohonana tena marefo hiorina sy hampiroborobo fahaiza-manao vaovao hiatrehana ireo toe-javatra sarotra.

*« Noho ny Fiavota dia zary lasa fahatsiarovana ho anay sisa ny kere ; afaka tsikelikely ireo fotoan-tsarotra ary tsy sahirana be intsony izahay miatrika ny haintany rehefa miseho izany. Ankoatra izay dia efa mianatra daholo ihany koa ireo zanako »* hoy i Liamare, mpisitraka Fiavota ao Vohipandrana, Ambovombe. Taorian'ny nisitrahan'ireo ankohonana ny Fiavota dia tsikaritra fa nampihatra ireo fihetsika fototra manatsara ny fiainam-pianakaviana izy ireo : fampivoarana ny ankizy madinika, fanabeazana, fahasalamana, fanjariantsakafo ; izany fahalalana izany dia azony nandritra ny fanatrehany ny *« Sehatra mahasoa »* izay fotoana iray hifampizarana sy hiofanana mahakasika lohahevitra samihafa.

### Fiatiana ara-toekarena

Ireo ankohonana nisitraka ny fandaharanasa *Fiavota* dia manana fahaiza-manao vaovao ara-pambolena sy fiompiana mifanaraka amin'ny zava-misy eny ifotony. Ny fampiatiana ara-pamokarana sy ara-bola dia maneho ny faharetan'ireo zava-bita. Afaka nanatsara ny asa fivelomany ireo tokantrano mpisitraka noho ny fahaizany mitantana ny eo am-pelatanany sy ny fampiroboroboany asa fihariana hiantoka ireo filàny amin'ny ho avy. Maro ireo ankohonana tsy misitraka ny fandaharanasa Fiavota no voatarika niditra mpikambana amin'ny Vondron'olona an-toerana manao tahiry sy mifampindram-bola (VOAMAMI). *« Tamin'ny 2021 aho no niditra mpikambana VOAMAMI ; nindrana 660 000 ar aho nividianako renin-kisoa roa izay niteraka 8 ; ary efa nahazo 650 000 ar aho raha nivarotra zana-kisoa roa fotsiny. Tamin'ny 2022, noho ny asa fiompiako dia afaka niatrika ireo olona samihafa noho ny nahafatesan'ny zanako lahy sy ny vinantoko aho. Ankehitriny aho dia mikasa ny hanorina trano »*, hoy Liliane Mari Louise monina ao Tsihombe.

**Ny fandaharanasa Fiavota**

- Fanfaharanasa fiahiana mpiara-belon'ny Governemanta malagasy ho an'ny fampivoarana ny maha olona, ho an'ny ankohnana marefo mananjanaka 0 hatramin'ny 14 taona voakasiky ny haintany any atsimo
- Faritra iasana : 2 Faritra (Anosy sy Androy), 6 Distrika (Taolagnaro, Ambovombe, Amboasary, Tsihombe, Bekily, Beloha)
- Mpisitraka : 92 600 ankohonana
- Tanjona : fanohanana ny fahafahana manjifa, ny fahampiana ara-tsakafo, ny fanjariantsakafo ary ny fototra maha olona
- Fepetra : fampianarana eny amin'ny ambaratonga fototra ireo ankizy 6 hatramin'ny 14 taona, mianatra 4 amin'ny 5 andro ; fampisakafoana ireo zaza latsaky ny 5 taona
- Fomba fanatanterahana : vatsy ara-bola isaky ny roa volana sy hetsika fampivoarana na tantsoroka



# *Fiavota* : un mieux pour le bien-être et la résilience des familles bénéficiaires dans l'Anosy et l'Androy



© FID / Sitraka Aimée

Grâce au filet social de sécurité *Fiavota*, les familles touchées par la sècheresse dans les régions Androy et Anosy ont pu améliorer leurs conditions de vie. Mis en œuvre depuis 2016 dans cinq districts, Fiavota est arrivé à son terme à Beloha, Bekily et Tsihombe en août 2023 ; l'appui se poursuit toujours à Ambovombe et à Amboasary. Fiavota a également été étendu à Taolagnaro. Le programme vise à soutenir les ménages les plus vulnérables à se reconstruire et à développer de nouvelles capacités pour pouvoir faire face aux situations difficiles.

*« Grâce à Fiavota, la famine n'est qu'un mauvais souvenir du passé ; ces moments sombres et difficiles s'effacent petit à petit et même en période de grande sècheresse c'est moins dur pour nous. Par ailleurs, j'ai pu inscrire mes enfants à l'école »* soutient Liamare, bénéficiaire à Vohipandrana, Ambovombe.

Grâce au programme, les ménages bénéficiaires adoptent de meilleures pratiques pour le bien-être familial : petite enfance, éducation, santé, nutrition ; celles-ci leur ont été transmises durant les ateliers d'apprentissage pratiques sur les thématiques de développement appelés *« Espace de bien-être - Sehatra mahasoa »*.

### Inclusion économique

Les ménages bénéficiaires de Fiavota ont acquis de nouvelles pratiques d'agriculture et d'élevage adaptées au contexte local. L'inclusion productive et l'inclusion financière sont un reflet d'une pérennisation des acquis. Les familles bénéficiaires ont pu améliorer leurs sources de revenus grâce à une meilleure gestion de leurs finances et au développement de petites activités économiques qui assureront leurs besoins futurs. Sous l'influence des ménages bénéficiaires du programme, de nombreux ménages non-bénéficiaires ont rejoint les Associations villageoises d'épargne et de crédit (AVEC). *« En 2021, j'ai adhéré à l'AVEC ; j'ai fait un prêt de 660 000 ar pour acheter deux truies ; elles ont donné naissance à 8 porcelets, et en vendant deux seulement, j'ai gagné 650 000 ar. En 2022, grâce à mon élevage de porc, j'ai pu faire face à divers problèmes suite aux décès de mon fils et de mon gendre. Aujourd'hui, je projette de bâtir ma maison »*, confie Liliane Mari Louise, de Tsihombe.

**Le programme Fiavota**

- Programme de protection sociale du Gouvernement malagasy pour le développement humain à l'endroit des familles vulnérables, ayant des enfants de 0 à 14 ans, affectées par la sècheresse dans le Sud
- Zones d'intervention : 2 Régions (Anosy et Androy), 6 Districts (Taolagnaro, Ambovombe, Amboasary, Tsihombe, Bekily, Beloha)
- Bénéficiaires : 92 600 ménages
- Objectif : Stimuler la consommation, la sécurité alimentaire, la nutrition et le capital humain
- Conditionnalité : scolarisation au niveau primaire des enfants entre 6 et 14 ans avec une assiduité d'au moins 4 sur 5 jours ; appui nutritionnel des enfants de moins de 5 ans
- Processus de mise en œuvre : transfert monétaire bimestriel et actions de développement appelées « mesures d'accompagnement »

# **RAZAINJAFISOAMANDIMBY Hanitriaina Hortanse :** 41 taona, Mpisitraka *MILOFO*, fokontany Sahalava, kaominina andrenivohitra Fianarantsoa



© FID / Flavie Hengotema

« Hatramin'ny nahafatesan'ny vadiko, roa taona lasa izay, dia tena nian-kindoha tanteraka tamin'ireo mpiara-monina amiko ny fiainanay mianakavy. Tsy vitako intsony ny nampisakafo sy nampitafy ireo zanako ; tsy fantatro akory na matory aiza izy ireo na manao inona fa dia lany tamin'ny fisotroan-toka ny andavanandrom-piainako. Voatery niato tamin'ny fianarana ireo zanako roa zokiny, ny iray hanala *Bac* ary ny iray haka *BEPC*, satria tsy maintsy nikarakara ireo zandriny 4 hafa noho izaho tsy azo nianteherana intsony. Noho ireo fiofanana azoko tao anatin'ny fandaharanasa *Milofo* mikasika ny lohahevitra « *reny mandray andraikitra sy ny mahatoky tena* » dia lasa olom-baovao aho ary mandray an-tanana ny fiainanay mianakavy kely. Amin'izao fotoana izao dia nanangana ny orinasa keliko aho noho ny fanohanan'ny tetikasa : nanomboka tamin'ny entana madinika toy ny ovy, mangahazo ary voatabia aho aloha ; ary avy eo dia nanitatra izany tsikelikely ka miara-miasa amin'ny mpivarotra voankazo sy anana ambongadiny, izay matoky tanteraka, aho ankehitriny. Fahasambarana ho ahy ny mahita ireo zanako misakafo ara-dalàna ; ankoatra izay afaka nanohy ny fianarany soa aman-tsara izy ireo. Tena nofinofy tanteraka ho anay izao fandrosoan'ny fiainanay izao. »

## **RAZAINJAFISOAMANDIMBY Hanitriaina Hortanse :** 41 ans. Bénéficiaire *MILOFO*, Sahalava

« Il y a 2 ans, depuis la mort de mon époux, je dépendais de mon entourage pour nourrir et vêtir mes enfants ; je ne savais même pas où ils dormaient car je passais mes journées à boire sans se soucier de rien. Mes deux ainés, en classe de terminale et de troisième, ont dû abandonner l'école pour s'occuper de leurs 4 autres frères vu qu'ils ne pouvaient plus compter sur moi. Grâce aux renforcements de capacité, sur la thématique « être une mère responsable et avoir confiance en soi », que j'ai reçus à travers le programme *Milofo*, je suis devenue une autre personne et j'ai repris notre vie en main. Actuellement, j'ai monté mon petit commerce avec l'appui du programme en commençant par de petites marchandises comme des patates douces, des maniocs et tomates ; et, puis j'ai élargi mon activité, je travaille avec un grossiste de fruits et légumes qui me fait totalement confiance. J'éprouve une satisfaction sans égale en voyant mes enfants manger régulièrement ; de plus, ils sont retournés à l'école. Pour nous, c'est comme un rêve qui se réalise. »



*« Ankehitriny izahay mivady dia manam-pikasana hanampy omby iray mba ahafahanay mahaleo tena tanteraka amin'ny asa fivelomanay »*

Nampivoatra ny fiainan'i MAMILALAINA Haingotiana Rovasoa ny nidirany ho isan'ireo mpisitraky ny *Asa avotra mirindra*. Ny fiompiana sy ny fambolena no asa fiveloman'izy ireo. Nahafahan'i Rova nanao fiompiana kisoa ny tambin-karama azony takalon'ireo asa tanterahiny eny amin'ny saha sekolin'ny *Asa avotra mirindra*. 40 andro iasana ny tsingerina iray amin'ny fandaharanasa ka rehefa nahavita tsingerina valo i Rova dia nahavidy omby sy sarety. Nanampy azy mianakavy tamin'ny fanatsarana ny vokatra ireo fiofanana teknika maro azony tao anatin'ny Asa avotra mirindra, toy ny fambolena anaty lavaka, ny famokarana zezika sy fanafody biolojika miady amin'ny biby kely. Nisitraka ihany koa ny *"Tosika fihariana"* i Rova, izay tosika ara-bola omen'ny fandaharanasa ahafahan'ireo mpisitraka manatsara ny seha-piharany. Ho an'i Rova dia nafahany nanitatra ny fiompiany izany satria nividy akoho gasy miisa valo izy. « *Ankehitriny izahay mivady dia manam-pikasana hanampy omby iray mba ahafahanay mahaleo tena tanteraka amin'ny asa fivelomanay* » hoy Rova am-pitsikiana.

Anisan'ny tanjon'ny *Asa avotra mirindra* ny fampivoarana ny mahaolona ; voaentana mahakasika lohahevitra samihafa toy ny fanjariantsakafo, ny fahasalamana, ny fanabeazana, sns ireo mpisitraka. « *Niezaka izahay mivady mba hanatsara ny fahasalamana sy ny fanjariantsakafonay mianakavy. Tsapanay fa nivoatra tokoa ny fiainanay ankehitriny. Mihinana sakafo nohatsaraina in-telo isan'andro ireo zanakay, misotro rano avy nampangotrahana ary mazoto mianatra satria salama.* » hoy i Rova.

**MAMILALAINA Haingotiana Rovasoa**
*Asa Avotra Mirindra,*
*Fonenana, Imerintsiatosika, Itasy*

*« J'envisage avec mon époux l'acquisition d'un autre bœuf, ce qui nous permettra de devenir autonome dans notre travail »*



*Asa Avotra Mirindra* a été une opportunité précieuse pour le développement de la famille de MAMILALAINA Haingotiana Rovasoa. Vivant de l'agriculture et de l'élevage, sa famille a pu investir dans l'élevage de porcs grâce aux compléments de revenus fournis par le programme en échange des travaux réalisés dans les champs écoles. Ces appuis financiers leur ont permis d'investir dans l'élevage de porcs. Après huit cycles de travail de 40 jours chacun appelés « interventions », la famille de Rova possède désormais un bœuf et une charrette, utiles à leurs activités. Les diverses formations techniques offertes par *Asa Avotra Mirindra*, entre autres le basket compost, la production d'engrais et de pesticide biologiques, ont grandement contribué à leur production agricole. Le programme lui a également transféré des fonds de soutien ou *"Tosika fihariana"* qui sont destinés à développer des activités génératrices de revenus. Cette subvention leur a permis d'agrandir leur élevage en achetant huit poules. « *J'envisage avec mon époux l'acquisition d'un autre bœuf, ce qui nous permettra de devenir autonome dans notre travail* » dixit Rova avec un grand sourire.

*Asa Avotra Mirindra* soutient également le développement humain ; les bénéficiaires sont sensibilisés sur des thématiques du bien-être familial dont la nutrition, la santé, l'éducation, etc. « *Avec mon époux, nous avons fourni les efforts nécessaires afin d'améliorer la santé et la nutrition de notre famille. Je constate aujourd'hui que nous avons progressé si je regarde en arrière. Nos enfants mangent trois repas améliorés par jour, ils s'hydratent avec de l'eau bouillie refroidie et fréquentent assidûment l'école, profitant d'une bonne santé* » affirme Rova.

Fanontaniana 3 ho an'i

*3 questions à*

# Tabavy Merance Fabiola

Fizarana sy fifanakalozana eo amin'ireo mpisitraka mandray andraikitra Tantsaha mpampita ao amin'nyfokontany Ankazomianko, Kaominina Vavatenina, Faritra Analanjirofo.



© FID / Rahamefy Naly

## 1

**Ny faha-2 desambra teo dia nandray anjara tamin'ny fitsidihina sy fifampizarana ianao niaraka tamin'ny mpisitraka *Vatsin'Ankohonana* miisa 30 eo, tany amin'ny kaominina Ambohibe. Nanao ahoana ny niainanao izany ?**

Fifampizarana traikefa no tena natao nandritry ny fihaonana. Tena nahafa-po ary misy azo raisina sy azo zaraina amin'ireo namana mpiray vondrona amiko ny traikefa azo tany. Hita nandritra io fitsidihana io ny fampiharana ny teknikam-pambolena anana sy legioma, ny resaka VOAMAMI ary ny fomba fitondrana ny fivoriana eny amin'ny sehatra mahasoa. Efa somary manana traikefa momba ireo ihany aho fa hafa foana ny fifanakalozana tamin'ireo mpisitraka avy amin'ny fokontany hafa, nahitàna zava-baovao ary fianarana foana moa ny fiainana. Faly koa ny tenako nitsidika an'Ambohibe izay tanàna nihavian'ny renibeko avy amin'ny reniko. Nahafaly ahy ny nahafantatra ireo mpisitraka avy any amin'ny fokontany 13 hafa. Somary vaovao tamiko ny fitsidihina niaraka fa amin'ny ankapobeny dia nahafinaritra ny fiarahana ; nahazo namana vaovao e ! Nifanaiky izahay ireo fa ho ataonay fahavalo ikambanana ny faharefoana. Tena misaotra ny *Vatsin'ankohonana.*

**Le 2 décembre, avec une trentaine d'autres bénéficiaires, vous étiez en visite dans la commune d'Ambohibe pour rencontrer et échanger avec d'autres bénéficiaires de *Vatsin'Ankohonana*. Comment avez-vous vécu cette expérience ?**

Cette visite a été dédiée au partage d'expérience entre les bénéficiaires. Je suis très satisfaite d'avoir participé à un tel événement. Durant cette visite, nous avons pu voir l'adoption des techniques de culture maraîchère, l'épargne et le crédit communautaire, ainsi que la conduite d'un « Espace de Bien-Etre ». J'ai déjà une certaine expérience dans ces domaines mais l'échange et le partage avec les autres bénéficiaires venant d'autres fokontany ont été très enrichissants. La vie est un apprentissage permanent. Je suis également contente d'avoir pu visiter la commune d'Ambohibe qui est le village de ma grand-mère maternelle. De plus, cette visite d'échange m'a permis de faire connaissance avec d'autres bénéficiaires venant de 13 autres fokontany. C'était un peu nouveau pour moi, mais il y avait une bonne ambiance générale. Des liens d'amitié se sont créés entre les participants et nous nous sommes promis de faire de notre mieux pour lutter ensemble contre la vulnérabilité. Vraiment merci à *Vatsin'Ankohonana* !



Partages et échanges entre acteurs-bénéficiaires « Paysan Relais » dans le fokontany Ankazomianko, Commune Urbaine Vavatenina, Région Analanjirofo.

## 2

**Inona avy ireo tombony azonao tamin'ny *Vatsin'ankohonana* ?**

Zanaka tantsaha moa ny tena, ary efa nilomano foana tao anatin'ny tontolon'ny fambolena sy fiompiana. Raha ny hita hatramin'izay dia tsy dia nahomby loatra ny voly satria mbola teknika nentim-paharazana no nampiasaina. Rehefa nisitraka ny *Vatsin'ankohonana* kosa dia nahazo fiofanana mahakasika ny teknika vaovao izay nahazoana voka-tsoa tokoa satria hita fa tsy ampy antsasaky ny vokatra azonay amin'izao fotoana izao akory ny vokatra taloha. Nahazo fanentanana sy fiofanana amin'ny lohahevitra maro toy ny fahasambaran'ny ankohonana, ny fanabeazana ara-bola, ny sakafo maroloko, sns ihany koa izahay. Fanampiny ihany ilay vatsy ara-bola omena satria misy fetrany ny fandaharanasa ary ho tapitra araka izany koa ny fanampiana ara-bola.

**Qu'avez-vous acquis avec le programme *Vatsin'Ankohonana* ?**

En tant que paysans, nos activités sont axées autour de l'agriculture et l'élevage. Nous avons, depuis toujours, utilisé des techniques traditionnelles ; ce qui fait que nos productions n'étaient pas satisfaisantes. Grâce au programme *Vatsin'Ankohonana,* nous avons reçu des formations sur l'agriculture et l'élevage. Avec les techniques enseignées, nous avons pu améliorer nos productions ; avant, on n'obtenait même pas la moitié de nos rendements actuels. Nous avons également bénéficié de renforcements de compétences sur d'autres thématiques comme le bien-être de la famille, l'éducation financière, la diversification alimentaire, ... Le transfert monétaire que nous recevons n'est que du bonus car le programme est limité dans le temps et les appuis financiers cesseront un jour.



## 3

**Inona no atao hoe « *tantsaha mpampita* » ?**

Mpisitraka ny fandaharanasa ny « tantsaha mpampita » ary mizara sy mampita ireo fahalalana momba ny fambolena sy fiompiana amin'ireo namany eny amin'ny sehatra mahasoa, izay ivon-toerana iray hifampizarana sy hanaovana fampiharana ireo lohahevitra fampivoarana samihafa ao anatin'ny *Vatsin'Ankohonana.* Mahazo fiofanana mikasika ireo teknikam-pamokarana mampitombo vokatra ny tantsaha mpampita ahafahany miantsoroka ireo mpisitraka sy mpiara-monina aminy. Fidian'ireo mpisitraka iray vondron'asa ny « tantsaha mpampita ». Izaho dia vonona ny hizara izay azoko nandritra ny fitsidihina amin'ireo namana mpiray vondrona amiko.

**En quoi consiste être « paysan relais ?**

Bénéficiaire du programme, le paysan relais partage et transmet des connaissances en matière de pratiques agricoles à ses pairs au niveau de l' « espace de bien-être », une plateforme d'échanges et d'ateliers pratiques sur diverses thématiques de développement. Formé sur les nouvelles techniques agricoles offrant de meilleur rendement, le paysan relais est choisi par ses pairs ; il conseille et accompagne la communauté pour l'inclusion productive. Pour ma part, je partagerai ce que j'ai acquis au cours de la visite aux membres du groupe auquel j'appartiens.

Hita tany ho any

## **Fanekena sy fandraisana anjara :** Ny anjara asan'ireo mpiatsehatra eny ifotony ao anatin'ny fantanterahana ny fampandrosoana lovainjafy

Nanomboka ny taona 90, ny fifandraisan'ny fandrosoana sy ny tontolo iainana dia mifototra amin'ireo fandalinana eo amin'ny fiaraha-miasan'ny politikan'ny tontolo iainana sy ny fitantanana ireo fotokarena amin'ny fisongana ara-toekarena ; miompana amin'ny haba ara-tontolo iainana sy ny tombotsoa iombonana ho an'ny tetibola voatokana amin'izany. Raha izany fijery izany, ny tsy fiarovana ny tontolo iainana sy ny tsy fahaiza-mitantanana ireo fotokarena voajanahary no antony mahatonga ny firenena mahantra ka hivoatra amin'ny fahavitan-tena ara-tsakafo maharitra sy lavitr'ezaka, eo koa ny fidiram-bola vahiny noho fizahan-tany mifandray amin'ny natiora, sy ny fampitana ny vokatr'ireo haitao manokana izay sitrahana avy amin'izany. Izay fomba fijery izay no ampiasaina hanohanana ireo paikady fitandroana sy fanomezan-danja ny manan'aina rehetra sy ny tontolo iainany any amin'ireo firenena mandala izany.

Hamahana ny olan'ny fanjakazakana amin'ireo fotokarena, ny fiantomorana ara-piaraha-monina dia endrika solom-bahaolana raha hoarina amin'ny fanao nentim-paharazana sy ny fiheverana ny harena iombonana. Noho izany, raha vao niandoha ny dinika voalohany niompana amin'ny tsy



fitandroana ny manan'aina rehetra sy ny tontolo iainany, maro no mihevitra fa ny tena vahaolana hiadiana amin'ny tsy fisian'ny lalàna mifehy ny fanana ireo fotokarena voajanahary toy ny ala, ireo bibidia dia ny fandraisana azy ireny ho toy ny an'ny olombelona manontolo ihany koa, ary manan-danja toy ny rivotra sy ny ranomasimbe. Ny tena loza araka izany dia ny fahitana ireo mponina eny ifotony tsy afaka mampiasa araka ny tokony ho izy, ireny fotokarena ireny.

Vu ailleurs

## Appropriation et participation : le rôle des acteurs locaux dans la mise en œuvre d'un développement durable

Depuis le début des années 90, la relation entre développement et environnement est renversée au profit d'une analyse en termes de contribution des politiques environnementales et de gestion des ressources à la croissance économique ; on parle alors de double dividende. Dans cette optique, la protection de l'environnement et la gestion pérenne des ressources naturelles sont des conditions permettant aux pays pauvres de se développer par le biais d'une autosuffisance alimentaire à long terme, par les entrées de devises liées à l'écotourisme, par les transferts en technologies propres dont ils pourraient bénéficier. Ce point de vue sert de support aux stratégies de protection et de valorisation de la biodiversité dans la plupart des pays à forte biodiversité.

Pour traiter ce problème de libre accès aux ressources, l'approche communautaire est présentée comme une voie alternative à celle, traditionnelle, de patrimoine commun, voire à celle d'appropriation privée. En effet, dès les premières discussions concernant les pertes en biodiversité, certains estiment que la meilleure manière de lutter contre l'absence de droits de propriété sur certaines ressources comme les forêts ou les animaux sauvages est de les considérer comme appartenant à l'humanité tout entière, au même titre que l'air ou les océans. Le danger est alors grand de voir les communautés locales exclues de l'usage de ces ressources.

*Sources :*
*books.openedition.org*
*www.epfl.ch*